

Monseigneur Benjamin Marc Ramaroson, c.m.  
Archevêque d'Antsiranana  
Administrateur Apostolique d'Ambanja  
Tél : (261) 32 11 539 39  
BP 415  
5 Boulevard Le Myre de Villers  
201 ANTIRANANA  
Madagascar  
[beramaroson@gmail.com](mailto:beramaroson@gmail.com)



**“Tsy isika fa ny Fahasoavan’Andriamanitra miaraka aaminsika”**

**FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIARA-MIVAVAKA**

**MANDALIM-PINOANA...**

**MBA HO EO V MISIONERA TABERNAKLA VELONA**

**MANDRAY AN-TANANA MANORINA ETA**

**Ny hafaliana vokatry ny fitiavana**, iainana ao anatin'ny fianakaviana dia hafaliana ho an'ny Eglizy ihany koa.

Io tenin'i Papa amin'ny fampirishina Apostolika “Amoris Laetitia” io no mamelombelona sady manosika antsika amin'izao DEPART VAOVAO FIAINGANA VAOVAO izao ka ny fianakaviana Eglizy kely no ivo toerana hanampy antsika amin'ny ady sady dia hahatonga antsika ho EO V MISIONERA TABERNAKLA VELONA.

Ny faniriana sy ny vavaka dia mba ho Eglizy kely velona tokoa ny fianakaviana. Mindrana ity vavak'i Md Paoly ity aho ho an'ny fianakaviana rehetra : *“Izany no angatahako aminareo mba tsy ho ketraka amin'ny fahoriako ho anareo, fa voninahitra ho anareo izany. Eny, noho izany no andohalihako amin'ny Ray, izay angalan'ny fianakaviana rehetra any an-danitra sy ety an-tany anarana, mba homeny anareo, araka ny haren'ny voninahiny, ny hankaherezina fatratra araka ny olona anaty amin'ny Fanahy, sy ny hitoeran'ny Kristy ao am-ponareo amin'ny finoana, dia ho latsa-paka sy hiorina amin'ny fitiavana ianareo »*, Ef 3, 13-16

FANAMARIHINA : *Ny fianakaviana resahintsika eto dia tsy voatery ilay fianakaviana ao an-tokatrano ihany. Fianakaviana ihany koa ny fikambanana masina, firohotana, vaomiera, sekoly, ankohonam-panabeazana, toeram-piasana sns....*

ZARAINSIKA ROA NY EZAKA ATAONSIKA MBA HAHAMORA AZY FA RAHA NY MARINA MIFANINGOTRA ARY MIFAMENO : **Vavaka + dinika loharano sy fototry ny ezaka**

**A) VAVAKA : FIANAKAVIANA MASINA MODELNY SADY MPIVAVAKA HO AN'NY FIANAKAVIANA**

Marina samy manana ny fomba fivavaka fa ity misy torolalana :

Fototra sy loharano ny Eokaristia ka mampirisika antsika hamonjy ny fankalazana Eokaristia fa indrindra ny sabotsy sy alahady. Raha tsy misy dia entanina isika any amin'ny Eglizy fiombonana, Eglizy fototra hanao fanompoam-pivavahana iraisana.

**Vavaka tsara atao :**

- Vavaka rehefa mifoha ataon'ny tsirairay
- Vavaka maraina fanolorana ny andro sy anjelisy.
- Manao ny vavaka iarahana amin'ny Fianakaviana isan'andro (samy mijery ny fotoana mahamety azy ny eglizy kely)
- Vavaka alohan'ny sakafo sy aorian'ny sakafo
- Sapile
- Vavaka hatory

Mety misy vavaka hafa miankina amin'ny devotion. Anjarantsika ny mandamina azy. Ampirishina mandrakariva isika....

**B) FANDALINAM-PINOANA mba ho sekoly fianarana ny Evanjely ny Fianakaviana Eglizy kely**

Ny Fianakaviana Masina dia nazoto nivavaka sy nandalina ny finoana. Tsy tonga ho azy izany fomba nahazatra sy fiainan'ny Fianakaviana Masina izany fa nolovana avy amin'ny tontolom-piainana (culture) mivavaka sy mandalim-pinoana tamin'ireo jody (jereo Mt sy Lk). Ny Soratra Masina manambara izany. Maro be, ao amin'ny Baiboly, ny fitenenana momba ny fianakaviana, ny taranaka, ny tantaram-pitiavana ary na ny korontana eo amin'ny fiainam-pianakaviana aza. Manomboka amin'ny pejy voalohany, idiran'ny fianakavian'i Adama sy i Eva an-tsehatra, ahitana herisetra mifanesisesy, nefa eo koa ny herin'ny aina mitohy (*jer. Jen 4*) ka hatrany amin'ny pejy farany ahitana ny lanonam-panambadian'ilay Vehivavy ampakarina sy ny Zanakondry (*Ap 21,2.9*). Ireo trano anankiroa tantarain'i Jesoa, ny iray naorina teo ambonin'ny vatolampy ary ny iray teo ambonin'ny fasika (*jer. Mt 7,24-27*), dia enti-milaza toe-java-misy maro iainan'ny fianakaviana nateraky ny fahafahana ananan'ireo olona ao, satria, araky ny voasoratr'ilay mpanao tononkalo hoe: «ny trano rehetra dia fanaovan-jiro avokoa»\*

**Raha fintinina io fampianaran'i Papa io dia MILA MAMBOLY TONTOLO MANAMPY NY FIANAKAVIANA EGLIZY KELY HIVAVAKA SY HANDALIM-PINOANA isika. Toa ny fambolena rehetra dia mila tetika, fahaizana... Inona no ataontsika? Tsara zaraina amin'ny hafa.... TSARA KOA ANEFA NY MAHAFANTATRA FA NY FANAHY MASINA NO LOHARANO SY FOTOTRY NY VAVAKA (jereo Rm 8...)**

2. **(Amoris Laetitia) N° 15** : Fantatsika fa ao amin'ny Testamenta Vaovao, dia misy fitenenana hoe: «Eglizy mivory ao an-tokantrano» (*jer. 1Kôr 16,19; Rm 16,5; Kôl 4,15; Filem 2*). Ny seha-piainan'ny fianakaviana iray dia mety hiova ho Eglizy ao an-tokantrano (Eglizy kely), ho sehatra itoeran'ny Eokaristia, ahitana an'i Kristy mipetraka hiara-komana. Tsy hay hadinoina ilay sary arantin'ny Apôkalipsa: «Indro aho fa mijoro eo am-baravarana sady mandondôna; raha misy mandre ny feoko ka mamoha varavarana, dia hiditra ao aminy aho ary hiara-misakafo aminy, izaho moa ho eo anilany ary izy ho eo anilako» (*Ap 3,20*). Dia toy izany no ilazana ny trano mianoka amin'ny fonenan'Andriamanitra ao anatin'ny amin'ny fiarahamivavaka, ary noho izany, dia mianoka amin'ny fitsimbinan'ny Tompo ihany koa izy. Io no ambaran'ny Salamo faha-128, izay raisintsika ho fototra iaingana eto: «Dia toy izany ny soa hanambinana ny lehilahy matahotra ny Tompo. Ny Tompo anie hanambina anao avy ao Siôna!» (*and 4-5*).

NB : SADY MODELY HO ANTSIKA NO MPANDRAY VAVAKA I JESOA : isaky ny hiatrika zava-dehibe teo amin'ny fiainany i Jesoa dia tsy nitsahatra nivavaka (jereo talohan'ny nanomboka ny fitoriana dia nandeha tany an'efitra, talohan'ny nifidy ireo apostoly, talohan'ny nilaza fa tsy maintsy hijaly izy, talohan'ny nijaliany ....); toerana mangina mandrakariva no nofidiny ... nampianatra momba ny fomba fivavaka.... Ireo Apostoly koa torak'izany...

**Asa** : Tadiavo ao amin'ny evanjely ny toko sy andininy misy ireo voalaza ireo ary diniho...

FIANAKAVIANA EGLIZY KELY IVO TOERANA HANDALINAM-PINOANA : TSARA AMPIASANA IREO TENY AMIN'ILAY VAVAKA KA ATAO DINIKA SY FIFANAKALAZANA....: INONA NO EFA NATAONTSIKA ..... : “ny fianakavianay koa mba ataovy tonga sehatraanjakan'ny fiombonana, ataovy tonga senakla iarahanay mivavaka, ataovy tonga sekoly anovozanay fahalalana ny Evanjely, ary ataovy tonga Eglizykely ao an-tokantrano ao...”

HANAMAFY NY DINIKA JEREO ARY FAKAFAKAO IRETO TENIN'I PAPA IRETO

**(Amoris Laetitia)n° 16-** Ny fianakaviana ihany koa dia toy ny Baiboly izany hoe **toerana anomezana fandalinam-pinoana ho an'ny ankizy**. Maneho an'izany ny famisavisana ny fankalazana ny Paka (*jer. Eks 12,26-27; Dt 6,20-25*), ary izany, avy eo, no novelabelarina tao amin'ilay antsoin'ny Jody hoe *haggadah*, tantara omena endrika tafasiry, ampiarahina amin'ny fombam-pivavahana ihinanana ny sakafon'ny Paka...

MBOLA MANAO TAFASIRY MASINA VE NY FIANAKAVIANA IZANY HOE MITANTARA NY TANTARAM-PIAINAN'NY OLONA MALAZA TOA NY OLOMASINA SY MARTIRY ? (Mb Goretti, Md Dominique Savio, Olts Lucien Botovasoa., ...)

Manana adidy hifofotra tsara amin'ny fanatontosana ny raharaham-panabeazana nankinina aminy ny ray aman-dreny, araka ny fampianarana matetika omen'ireo olonkendry ao amin'ny Baiboly (*jer. Oh 3,11-12; 6,20-22; 13,1; 22,15; 23,13-14; 29,17*). Taomina ny ankizy handray ary hanatanteraka ny didy manao hoe:

«hajao ny rainao sy ny reninao» (**Eks 20,12**); amin'izany, ny matoanteny hoe «manaja» dia milaza ny fanatanterahana an-tsakany sy an-davany ny adidy ara-pianakaviana sy ara-piaraha-monina, ka tsy ny fivavahana mihitsy no atao fialan-tsiny hanaovana tsirambina azy (**jer. Mk 7,11-13**). Satria tokoa «izay manaja ny rainy dia manonitra ny fahotany, ary izay manome voninahitra ny reniny dia toy ny olona manangona raki-tsarobidy» (**Si 3,3-4**).

#### **Ireto teboka tsara hofakafakaina sy hodinihina ary hifampizarana hanohizana ny dinika.....**

- Inona ny hataontsika hiatrehana ny fahasimban'ny fianakaviana sy ny fanamby miandry azy?
- Tsy misaraka amin'ny resaka fianakaviana ny fanambadiana sy ny fanabeazana. Voahozongozona ny fianakaviana ka marary ny fanambadiana, marary ny fanabeazana, marary ny fiaraha-monina : Inona no ataontsika mikasika ireo ? Misy tetika ve azontsika aroso eto amin'ny eglizy iraka, eto amin'ny diosezy amahana io olana io ?
- Inona no andrasan'ny fianakaviana amin'ny Eglizy?

Torolalana no natolotra teto ka aza gaga raha misy tsy voalaza ny lafiny maro na ireo natolotra aza dia tsy niditra amin'ny antsipirany isika. Ankinina amintsika ny manohy ny dinika.

Mitsodrano ny fianakaviana tsiraikiraiky aho mba ho “Eglizy kely” tokoa ka samy hanao DEPART VAOVAO AMIN'IZAO PANTEKOTY VAOVAO IRINTSIKA IZAO. Hifampivavaka isika miaraka amin'ny Fianakaviana Masina sy Olts Lucien Botovasoa. Ankiniko amin'ny Fo Masin'i Jesoa ny fianakaviana rehetra eto amin'ny diosezy ka hanjaka ny famindram-po sy ny fifamelan-keloka.

Manararaotra an'ity torolalana ity no miarahaba sy mirary soa antsika EOVI MISIONERA nahavitra ny taona litorjika. Bonne et sainte préparation de Noël isika Jiaby. Mivavahà koa ho ahy.

#### **FANAMARIHANA :**

**DIOSEZIN'ANTSIRANANA :** TSARA MISY TATITRA ATAO SY FIFAMPIZARANA REHEFA MIVORY NY SECTEUR ARY MISY MANDRAY AN-TSORATRA KA ALEFA ATY AMIKO ATAONTSIKA FAMPANARANA SY TOROLALANA ETO AMIN'NY DIOSEZY

**DIOSEZIN'AMBANJA :** TSARA MIVORY NY ISAKY NY PAROASY DIA MANDEFA AZY ATY AMIKO JERENTSIKA AMIN'NY FIVORIANTSIKA PRETRA NY FANAOVANA SYNTHÈSE AZY.

Antsiranana faha-11 Novambra 2020

Fetin'i Md Martin

+ Mpanomponareo P Eveque Ramaroson Benjamin



*Benjamin  
c.m.*